édition malgache

# Jésus Vivant en Marie

**No 11**
**mars 2019**

BULLETIN MENSUEL DE FORMATION ET D'INFORMATION



**MISSIONNAIRES MONTFORTAINS**
**Viale dei Monfortani, 65, 00135 Rome – ITALIE ;**
**Tél. (+39) 06-30.50. 203 ; E-mail: rcordium@gmail.com**


## FANOKANANTENA & MARIA

*VD = Vraie Dévotion à la Sainte Vierge*

Fa, inona moa no antony idiran'i Maria an-tsehatra ao amin'ny fanokanantena ? Inona avy ireo tombontsoantsika miaraka amin'i Maria manoloana io fanokanantena io?



Hafahantsika mamaly ireo fanontaniana ireo àry, andeha hoezahintsika vakiana ireo fiheveran'i Montfort samirery sy izay niainany. Ny VD 158 no manambara amintsika ny naha-resy lahatra azy; faheresen-dahatra nipoitra avy amin'ny finoana lalina mahakasika ny toerana sy ny asa tazomin'i Maria ao amin'ny misterin'i Kristy sy ny Fiangonana. Noho ny andram-piainany manokana, dia afaka mampita ireo heviny ireo amin'ny fomba hentitra, tsy am-pisalasalàna i Montfort. Ka hoy izy:



> « "Na hanaovana làlam-baovao iray handehanana any amin'i Jesoa Kristy aza aho, izay làlana - vita rarivato amin'ny fahamendrehan'ireo olon-tsambatra, voaravaky ny hatsaram-panahy -feno ny herim-pon'olomasina, voazava sy voahaingon'ny hazavana aman-katsaran-tarehy isaloran'ny anjely, ahitana ny anjely sy olomasina rehetra, miaro sy mitari-dàlana ary manohana ireo olona te-hizotra ao; dia lazaiko amin-kasahiana ny marina, fa tiako lavitra mihoatra noho izany ilay làlana tsy voakasik'ota mirafitra ao amin'i Maria : Posui immaculatam viam meam; dia ilay arabe na làlana tsy misy pentina na loto mihitsy, tsy misy fahotana tamin'ny fototra na fahotana ankehitriny, tsy misy aloka na haizina. Ary raha vao avy fanindroany eto an-tany, (araky ny efa azo antoka) amin'ny voninahiny mba hanjaka eto, Ilay Jesoa mahatehotia, dia tsy hifidy làlan-kafa hizorana afa-tsy i Maria. Izy manko no làlana azo antoka sy lavorary nahatongavany tamin'ny voalohany. Misy fahasamihafana ny fahatongavany voalohany sy faharoa : ny voalohany moa tamim-pahanginana sady niafina; ny faharoa kosa ho amim-boninahitra sy famirapiratana. Samy lavorary anefa ireo fiaviana ireo, satria samy amni'ny alàlan'i Maria.Indrisy! Mistery tsy takatry ny saina izany! Hic taceat omnis lingua (Aoka hangina eto ny lela rehetra)." » (VD 158).

Eto dia manaiky i Montfort fa misy làlana maro hafa " hankanesana any amin'i Jesoa Kristy" (VD 152, 158). Ny "làlana tsy voakasik'ota mirafitra ao amin'i Maria" anefa no nofidiany! Inona no anton'izany ? Satria io làlana io dia mifandray amin'ny finoana an'i Jesoa Kristy izay tonga tety an-tany tamin'ny alàlan'i Maria, avy amin'ny asan'ny Fanahy Masina.

Hitantsika ao amin'ny VD laharana 158 io ny tanjona, ny làlana sy ny fototry hiorenan'ny maha-resy lahatra manokana an'i Montfort. Ny tanjona dia ny "hankanesana any amin'i Jesoa Kristy". Ny làlana dia "ny làlana tsy voakasik'ota mirafitra ao amin'i Maria". Ny fototra hiorenany dia ny fahatongavana ho nofo, mistery ahitàna fa i Maria

no lasa làlana nahatongavan'i Jesoa eto amin'izao tontolo izao tamin'ny valohany.



Io faharesen-dahatra nananan'i Montfort manokana io dia mifanaraka tsara amin'ny VD 1, ampian'ireo laharana 13, 22, 49, 50, 75, 157, 217 ary 262, izay andry iankinan'ny fampianaran'i Montfort. Ao amin'ny VD 1 dia milaza izy hoe : "Tamin'ny alàlan'i Maria Virjiny Masina indrindra no nahatongavan'i Jesoa Kristy amin'izao tontolo izao, ka amin'ny alàlany ihany koa no tsy maintsy hanjakàny eto anivon'izao tontolo izao" (VD 1).

Ao amin'io "fanambaràna" io, no ahitantsika ireo singa telo natolotra antsika tao amin'ny VD 158. Ny tanjona dia ny fanjakan'i Jesoa Kristy. Ny làlana dia ny Maria Virjiny Sambatra indrindra. Ny fototra hiorenana dia ny fahatongavana ho nofo; i Maria no làlana nahatongavan'i Jesoa Kristy eto amin'izao tontolo izao avy amin'ny asan'ny Fanahy Masina tamin'ny alàlan'io fahatongavana ho nofo io.

Raha mifototra amin'ny misterin'ny Fahatongavana ho nofo ary isika, dia azo lazaina fa hoan'i Montfort dia :

a. I Jesoa Kristy no tanjona ho tratrarintsika. Izy no modely halaintsika tahaka. Irintsika ny hihaona aminy, Izy izay an-dàlana mandrakariva mba hitady antsika sy hihaona amintsika. Na koa araka ny tenin'i Montfort mihitsy, ny tanjontsika dia ny "hahitàna an'i Jesoa Kristy amin'ny fomba lavorary, hitiavana Azy amin-kamoram-po, hanompoana Azy amim-paharetana". (VD 62).
b. Ny fanokanantena amin'i Jesoa eo tànan'i Maria dia "làlana mora, fohy, lavorary sy azo antoka ahatongavana amin'ny fiombonana amin'ny Tompontsika, izay votoatin'ny fahalavorariana kristianina" (VD 152).
c. Ny Fanahy Masina no miasa amin'ny famolavolàna antsika ho amin'io fiovàntsika ao amin'i Jesoa io, izay modely tokana hoantsika. Kanefa, ny Fanahy Masina izay niara-niasa tamin'i Maria Virjiny, tao amin'ny misterin'i Kristy teo amin'ny Fahatongavana ho nofo (Lk 1, 26-38), dia mbola manohy izany asa izany, am-piombonana tanteraka amin'i Maria Virjiny ao amin'ny misterin'ny Fiangonana. (SM 12).




Ho famintinana izany rehetra izany àry, dia manambara amin'ny fomba miharihary sy manetriketrika io fahamarinana io Montfort ao anatin'ny fehezan-teny iray, izay toy ny vokatra aterank'ireo fanambarana rehetra nataony:

> « Voafaritra amin'ny fitoviana sy fiombonan'aina ary fanokanantena amin'i Jesoa Kristy, ny fahalavorariantsika; ka tsy isalasalàna fa mandavorary ao amintsika ireo toetra ireo, ny tena fitiavam-bavaka rehetra. Amin'ny voaary manontolo, dia i Maria irery no mitovy tanteraka amin'i Jesoa Kristy. Mazava loatra àry fa amin'ny fitiavam-bavaka rehetra, ny manampy ny olona hitoky kokoa amin'i Jesoa Kristy dia ny fitiavana sy fanajana ny Virjiny Masina, ilay Reniny. Satria arakaraky ny anokanan-tena amin'i Maria no anokanan-tena koa amin'i Jesoa Kristy. Noho izany, ny fanonkanan-tena lavorary amin'i Jesoa Kristy, dia tsy inona akory fa fanokanantena manontolo sy lavorary amin'ny Virjiny Masina, na fanavaozana lavorary ny toky nomena tamin'ny batemy. Izany no fitiavana sy fanajana ampianariko. » (VD 120).

Arak'izany, ny "fanokanantena montfortanina" dia tsy fitiavana amam-panajana tsotra an'i Maria fotsiny fa tena "fomba lavorary indrindra" hampiharana ny "fitia fitiavana amam-panajana marina" an'Ilay Virjiny Masina. Io no làlana manankery indrindra ahatongavana "amin'ny fahalavorariana miavaka". Toy izao no nosoratan'i Montfort:

> « Raha ilain'ny olombelona rehetra ny fanajàna ny Virjiny Masina, mba ho antoky ny famonjena azy fotsiny, vao mainka mihoatra lavitra aza ny ilain'ireo olona voaantso manaraka azy, ho amin'ny fahalavorariana. Ary mino aho fa tsy misy olona afaka miray fo marina amin'Izy Tompo sy matoky tanteraka ny Fanahy Masina, raha tsy manana firaisam-po lalina amin'ny Virjiny Masina sy manana fiankinana lehibe amin'ny vonjiny. » (VD 43).

Arnold SUHARDI SMM



# GAMO (*Grupo Amigos de Montfort*)
# PASSOS, BRÉSIL

« Tamin'ny Alahady 10 Febroary 2019, nisy fivoriana natao niaraka tamin'ny Fikambanana "Les Amis de Montfort" tao amin'ny Paroasy Louis Marie de Montfort ao Passos Brésil.



Olona 50 teo ho eo, tanora sy olon-dehibe, no tonga nanatrika ity fivoriana ity ka nandraisan'ny Pretra mpitantana ny Paroasy anjara ihany koa.

Fanamarihana kely : azo lazaina fa ity Paroasy ity no vita, dia nohon'ny ezaka nataon'ireo Frères de Saint Gabriel.

Tamin'ny lahateny nataon'i Mompera Arnold, Solontena iraisampirenen'ny Fikambanana Marie Reine des Cœurs, no nanazavany mikasika ny dikan'ny anarana hoe "Naman'i Montfort". Tamin'ny andron'I Montfort, ny "namany" dia ireo: 1) mahantra, 2) ary ihany koa ireo mpiara-miasa sy mpandray anjara tamin'ny alalan'ny asa fitoriana tamin'ny olona.



Ireo olona mahantra ireo dia midika:

1) olona mahantra ara-materialy, ara-pahasalamana sy ara-panabeazana,
2) olona tsy mahalala ny finoana Katôlika na mahafantatra ihany fa tsy ampy,
3) ireo Kristiana izay maniry mafy hitombo fahamasinana ary maniry handray anjara amin'ireo karazana asa fanirahana sy fiantrana samihafa, mifanaraka amin'izay ananany



Antenaina fa ny Mpikambana ato amin'ny GAMO ankehitriny dia tena ho tonga namana mpiara-dia amin'I Louis Marie".



## Vavaka herin'andro
## faha-5 sy faha-6



1-Md Louis Marie omeo asa ny vadiko ary jereo manokana ny fahasalamanay sy ny fitiavanay . Misaotra.

2-Mangataka vavaka ho an'ny fahasitranan'ny dadatoako . Ankiniko aminao Tompo , amin'ny alalan'ny vavaka i Père Montfort sy Marie Louise . Misaotra

3-Olotsambatra Marie Louise de Jésus , Ianao ilay namiratra tamin'ny fitiava-namana, angataho ho anay ny fitiavana madio . Md Louis Marie , mangataha ho anay ny fitiavana sy fanajana manokana an'i Masina Maria . Ho an'i Jesoa amin'ny Maria.

4-Md Louis Marie , Reny Marie Louise , Marquis de Magnanne , ombao ireo tanora miomana amin'ny fandraisana ny Sakrametan'ny Fankaherezana , afahany miaina ny Evanjely . Jesoa , Maria sy Josefa anie hikasika ny fon'izy ireo ary hanamafy ny finoany , fanantenany ary fitiavany mba ho tena vavolombelon'ny Fitiavana tokoa . Misaotra

5-Md Louis Marie , mangataka hery entiko miatrika ny sedra izay lalovako ary arovy ny zanako sy ny zafikeliko . Misaotra

6-Md Louis Marie , olontsambatra Marie Louise , amin'ny alalan'ny vavaka ataonareo ;ankiniko aminareo ny ho aviko arak'asa , ny fiovam-po ireo fianakaviako sy ny namako rehetra . Ary ho ny fanahin'ny namako 2  sy ny renibeako ary ho an'izay anjara tokantranoko . Mbola irery aho hatreto ary matoky an'Andriamanitra mahefa ny zava-drehetra .

7-Ampio izahay ! Vonjeo izahay ! Md Louis Marie de Montfort, mitalaho aminao , omeo ahy ny fiovam-po olona iray akaiky ahy . Mahatoky ny vavakao aho .Misaotra

